REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana
_____

MINISTERE DE LA FONCTION PUBLIQUE, DU TRAVAIL ET DES LOIS SOCIALES
_____

DECRET N° **2007 - 730**
déclarant la journée du 9 août 2007 fériée, chômée et payée

LE PREMIER MINISTRE, CHEF DU GOUVERNEMENT,

- Vu la Constitution ;
- Vu la loi N°94-025 du 17 novembre 1994 relative au statut général des agents non encadrés de l'Etat ;
- Vu la loi N°2003-011 du 03 septembre 2003 portant statut général des fonctionnaires ;
- Vu la loi N° 2003- 044 du 28 juillet 2004 portant Code du Travail ;
- Vu le décret N°62-150 du 28 mars 1962 déterminant les modalités d'application du repos hebdomadaire, des jours fériés, chômés et des jours fériés, chômés et payés ;
- Vu le décret n°68-172 du 18 avril 1968 portant réglementation des heures supplémentaires de travail et fixant les majorations de salaire pour le travail de nuit, des dimanches et des jours fériés, modifié et complété par le décret n°72-226 du 06 juillet 1972 ;
- Vu le décret n°2007-022 du 20 janvier 2007 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement ;
- Vu le décret n°2007-025 du 25 janvier 2007 modifié par le décret n°2007-120 du 19 février 2007 portant nomination des Membres du Gouvernement ;
- Vu le décret n°2007- 209 du 6 mars 2007 fixant les attributions du Ministre de la Fonction Publique, du Travail et des Lois Sociales ainsi que l'organisation générale de son Ministère ;
- Vu le décret n°2007-006 du 09 janvier 2007 fixant la liste des jours fériés, chômés et payés au titre de l'année 2007 ;
- Sur proposition du Ministre de la Fonction Publique, du Travail et des Lois Sociales,

En Conseil du Gouvernement,

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana-Fahafahana- Fandrosoana

MINISITERAN'NY ASAM-PANJAKANA, NY ASA ARY NY LALANA SOSIALY

DIDIM-PANJAKANA laharana faha-**2007- 730**
manondro ny andron'ny 9 aogositra 2007 tsy iasàna nefa andraisan-karama.

NY PRAIMINISITRA, LEHIBEN'NY GOVERNEMANTA,

- Araka ny Lalampanorenana ;
- Araka ny lalàna laharana faha-94-025 tamin'ny 17 novambra 1994 anaovana ny sata ankapobe ny mpiasa tsy raikitra amin'ny Fanjakana ;
- Araka ny lalàna laharana faha-.2003-011 tamin'ny 03 septambra 2003, mitondra ny sata ankapobe ny mpiasam-panjakana ;
- Araka ny lalàna laharana faha-2003-044 tamin'ny 28 jolay 2004 mitondra fehezan-dalàna momba ny asa ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha 62-150 tamin'ny 28 marsa 1962 mamaritra ny fombafomba fampiharana ny fialan-tsasatra isan-kerinandro, ny andro tsy iasàna ary ny andro tsy iasàna nefa andraisan-karama ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha 68-172 tamin'ny 18 avrily 1968 mametra ny ora ambony ampanga iasàna sy amerana ny tataon-karama ho an'ny asa alina , ny alahady ary ny andro tsy iasàna ,nasiam-panovana ary nofenoin'ny didim-panjakana laharana 72-226 tamin'ny 06 jolay 1972 ;
- Araka ny didim-panjakana. laharana faha-2007-022 tamin'ny 20 janoary 2007 manendry ny Praiministra, Lehiben'ny Governemanta ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-2007-025 tamin'ny 25 janoary 2007 novan'ny didim-pajakana laharana faha-2007-120 tamin'ny 19 febroary 2007 manendry ny Mambran'ny Governemanta ;
- Araka ny Didim-panjakana. laharana faha-2007-209 tamin'ny 6 marsa 2007 manondro ny anjara raharahan'ny Minisitry ny Asam-panjakana, ny Asa ary ny Lalàna Sosialy ary koa ny fandaminana ankapobe ny Minisiterany ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha 2007- 006 tamin'ny 9 janvier 2007 amerana ny lisitry ny andro tsy iasàna nefa andraisan-karama mandritra ny taona 2007 ;
- Araka ny tolo-kevitry ny Ministry ny Asam-panjakana, ny Asa ary ny Lalàna Sosialy,

Eo am-pivorian' ny Governemanta,

D E C R E T E :

Article premier. Est déclarée fériée, chômée et payée, sur tout le territoire de la République, la journée du jeudi 09 août 2007, date à laquelle aura lieu la cérémonie d'ouverture du 7ème Jeux des Iles de l'Océan Indien.

Article 2. En raison de l'urgence et conformément à l'article 6 de l'Ordonnance n°62-041 du 19 septembre 1962 relative aux dispositions générales de droit interne et de droit international privé, le présent décret entre en vigueur dès sa publication radiodiffusée et/ou télévisée ou par affichage indépendamment de son insertion au Journal officiel de la République.

Article 3 : le Ministre de la Fonction Publique, du Travail et des Lois Sociales, le Ministre des Finances et du Budget et le Ministre de l'Economie, du Plan, du Secteur Privé et du Commerce sont chargés, chacun en ce qui le concerne, de l'exécution du présent décret qui sera publié au Journal Officiel de la République.

Fait à Antananarivo, le 25 juillet 2007

PAR LE PREMIER MINISTRE,
CHEF DU GOUVERNEMENT,

Charles RABEMANANJARA

LE MINISTRE DE LA FONCTION PUBLIQUE,
DU TRAVAIL ET DES LOIS SOCIALES

Jacky Mahafaly TSIANDOPY

LE MINISTRE DES FINANCES ET DU BUDGET

Andriamparany Benjamin RADAVIDSON

LE MINISTRE DE L'ECONOMIE, DU PLAN,
DU SECTEUR PRIVE ET DU COMMERCE

Harison Edmond RANDRIARIMANANA

DIA MAMOAKA IZAO DIDIM-PANJAKANA IZAO :

Andininy voalohany : Ambara fa tsy iasàna nefa andraisan-karama eran'ny tanin'ny Repoblika, ny alakamisy 09 aogositra 2007, vaninandro hanokafana amin'ny fomba manetriketrika ny lalaon'ny nosin'ny oseana indiana fahafito.

Andininy faha-2 : Noho ny hamehana ary araka ny voalazan'ny andininy faha-6 ao amin'ny didy hitsivolana laharana faha-62-041 tamin'ny faha-19 septambra 1962 mikasika ny fepetra ankapobeny ny lalàna anatiny sy iraisam-pirenena tsy miankina , ity didim-panjakana ity dia manankery avy hatrany raha vao napariaka tamin'ny alalan'ny fandrenesam-peo sy / na fahitalavitra na koa peta-drindrina, na dia tsy mbola navoaka tamin'ny gazetim-panjakan'ny Repoblika aza.

Andininy faha-3 Ny Minisitry ny Asam-panjakana, ny Asa ary ny Lalàna Sosialy, ny Minisitry ny Fitantanam-bola sy ny Teti-bola, ny Minisitry ny Toe-karena, ny Teti-pivoarana, ny Sehatrasa tsy miankina amin'ny Fanjakana sy ny Varotra, no miadidy, araka ny tandrify azy avy, ny fanatanterahana izao didim-panjakana izao, izay havoaka ao amin'ny Gazetim-panjakanan'ny Repoblika.

Natao teto Antananarivo ny 25 jolay 2007

Avy amin'ny PRAIMINISITRA,
LEHIBEN'NY GOVERNEMANTA

Charles RABEMANANJARA

NY MINISITRY NY ASAM-PANJAKANA, NY ASA ARY NY LALÀNA SOSIALY

Jacky Mahafaly TSIANDOPY

NY MINISITRY NY FITANTANAM-BOLA SY NY TETI-BOLA

Andriamparany Benjamin RADAVIDSON

NY MINISITRY NY TOE-KARENA, NY TETI-PIVOARANA, NY SEHATRASA TSY MIANKINA AMIN'NY FANJAKANA SY NY VAROTRA

Harison Edmond RANDRIARIMANANA